


Arak'ilay fitenenana hoe : *« ela notoratorahana ka nahavoa mason'angatra »*. Miampy ny ahy izany ny fitoriana an'i Ramatoa Fanirisoa Ernaivo, Filohan'ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara teo aloha na SMM. Satria tokoa dia nitory azy ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka taorian'ireo fanambarana tena mahamenatra sady mahatofoka nataony teo Mahamasina, ny 30 Oktobra 2018. Marodia maro no nahita ary, indrindra indrindra, nandre fa toa mandeha ho azy ohatry ny karatr'i Naivo ny rediredin'ity mpitsara mba nanana ny naha izy azy ihany teo aloha teo. Tena tompon'ny tenany tokoa ve izy iny ?...

Mbola tsy azo atao n'inona n'inona aloha izy satria *« kandida filoham-pirenena »*. Fa rehefa vita ny fifidianana, any isika mahita azy, hoy Jaojoby izay. Tsiahivina fa nitsangana ihany koa ny Ministeran'ny Fitsarana sy ny Filankevitra ambon'ny Mpitsara na CSM (

*« Conseil Supérieur de la Magistrature »*
). Hiala tsiny ? Hifona ? Mety ho tsara fa ho tara daholo izany. Ireo ary ny fanambaran'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka, ny an'ny Ministeran'ny Fitsarana ary ny an'ny CSM. Tsia, tsy mampalahelo velively izy fa manafintohina. Rehefa nanozona tsy niambahamba ary nihantsy ny mpitandro filamina dia tsotra ny amin'ity mpitsara may vava loatra ity:
*« Malheur à celle par qui le scandale arrive »*
.

**Jeannot Ramambazafy**


MINISTERE DE LA SECURITE PUBLIQUE
CABINET
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

FANAMBARANA


Ry Malagasy mpiray tanindrazana.
Ry rahalahy sy anabavy eto anivon'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka.
Tompokolahy sy tompokovavy.

Manoloana trangan-javatra niseho ka naha-voakasika ny mpiara-miasa sy ny mpitandro filaminana rehetra eto anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka, izahay polisy rehetra tsy an-kanavaka, eo ambany fitarihin'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Inspecteur Général de Police, ERICK Michel Wouli soumah Idrissa, dia manao izao fanambarana manaraka izao :

1° MIKASIKA NY RAHARAHA FENOARIVO ATSINANANA :

Vonton'alahelo tanteraka izahay teo anatrehan'ny famonoana feno habibiana ireo rahalahinay izay namita iraka ara-pomba ofisialy tany Fenoarivo atsinanana ny Alarobia 24 oktobra 2018 lasa teo.
Na dia mafy ho anay aza ny fahoriana, amin'ny maha-olon'ny lalàna anay eto anivon'ny Polisim-pirenena, dia tsy maintsy nifehy tena sy namehy ireo mpiara-miasa rehetra izahay mba tsy hitroatra ka hanao fihetsika hitondra any amin'ny valifaty.
Izany indrindra no nahatonga an'andriamatoa Minisitry ny Filaminam-bahoaka sy ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fanapariaham-pahefana, niaraka tami-na tompon'andraikitra maromaro, nidina tany an-toerana avy hatrany ny alakamisy 25 okotbra 2018 mba hamantatra ifotony ny toe-javamisy marina, taorian'ny fanambarana izay natao ny andron'ny 24 oktobra 2018.
Isaoranay etoana ireo mpiara-miasa rehetra sy ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny naneho fihetsika feno fahendrena ka nandray fepetra avy hatrany mba hiverenan'ny fitoniana sy nanaporofo indray fa mankato ny fitsipi-pifehezana izy ireo, indrindra manoloana ny vanim-potoana ankehitriny. Marihina fa nandritra ny fidinana ifotony izay natao dia nisy ny dinik'asa izay niarahana tamin'ireo tompon'andraikitra rehetra, na ny solon-tenam-panjakana, na ny tompon'andraikitra ifotony.
Taorian'ny fiaraha-miory tamin'ny fianakaviana ka nanokananay rehetra herinandrom-pisaonana dia niroso tamin'ny fametrahana fitoriana teny anivon'ny fitsarana izahay teto amin'ny Minsitera ka ny Tale jeneralin'ny Polisim-pirenena no nanatitra izany ny talata 30 oktobra 2018.

Ankehitriny, manao antso avo izahay, ho an'ny tompon'andraiki-panjakana mahefa rehetra, ho an'ny polisy rehetra ary ho an'ny olom-pirenena tsy an-kanavaka, mba samy handray ny andraikitra tandrify azy avy.
TSY NATAO HITAFY VALIFATY NY POLISIM-PIRENENA fa mitandro mandrakariva ny filaminam-bahoaka koa vonona ny hanafaingana ny fahitana ny marina rehetra manoloana izao raharaha izao.


MINISTERE DE LA SECURITE PUBLIQUE
CABINET
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Matoky ny fahendrena malagasy izahay ny amin'ny hanjakan'ny FAHATONIANA ary miantso hatrany ny rehetra mba hampita aty amin'ny mpitandro ny filaminana ny vaovao rehetra hanafainganana ny fikarohana sy famotorana manoloana izao raharaha izao.

2° MIKASIKA NY FANAMBARANA NATAON'NY KANDIDA HO FILOHAM-PIRENENA FANIRISOA ERINAIVO NANDRITRA NY FAMORIAM-BAHOAKA NANDRAISANY FITENENANA TENY MAHAMASINA NY TALATA 30 OKTOBRA 2018.

Gaga sy talanjona tanteraka izahay, toy ny olom-pirenena rehetra, raha naheno ny fanambarana feno fihantsiana ny mpitandro ny filaminana sy fankahalana manokana ny polisy, nataony.

Manoloana ny toerana misy azy eto amin'ny firenena dia mino izahay fa tsy ilaina akory ny mamaritra hoe mendrika ve izay fihetsika nasehony.

Izahay eto anivon'ny polisim-pirenena dia manambara fa :

- FIHANTSIANA AN-KITSIRANO hikarohana fikorontanana eto amin'ny firenena ireny fanambarana ireny ;
- FANDIKAN-DALANA amin'ny lafiny maro no azo hisokajiana an'ireny fanambarana ireny ka santionany amin'izany ny :
    - Fanitsakitsahana ny lalàna mifehy ny fifidianana amin'ny fiantsoana fikomiana sy fandranitana fandrafesana ny mpitandro ny filaminana ;
    - Fanozonana ;
    - Fanimbazimbana ny hasin'ny razana sy ny soa toavina malagasy ;
    - Fanaovana tsinontsinona ny maha-olona ary faniratsiràna ny mpitandro ny filaminana teo am-panatanterahana ny asany.

Manoloana izany, ambaranay fa ny ministeran'ny filaminam-bahoaka dia nametraka fitoriana teo anivon'ny fitsarana ambaratonga voalohany eto Antananarivo.

Natao androany faha-31 oktobra 2018 teto Antananarivo

ERICK Michel
*Inspecteur Général de Police*

************************************************



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Conseil Supérieur de la Magistrature

Antananarivo 31 Oktobra 2018

**FANAMBARANA**

------------

**NY FILANKEVITRA AMBONY NY MPITSARA,** RAFITRA NATAO HAMPANAJA NY FITSIPIKA MIFEHY NY MPITSARA,

MANOLOANA IREO TENY DISO TOERANA NATAON-DRAMATOA FANIRISOA ERNAIVO AMPAHIBEMASO, IZAY MPITSARA AM-PERINASA ISAN'IREO MPIROTSAKA HO FIDIANA FILOHAM-PIRENENA, NY TALATA FAHA-30 NY VOLANA OKTOBRA 2018 TEO MAHAMASINA, MIKASIKA NY TRANGAN-JAVATRA NISEHO TANY FENOARIVO ATSINANA KA NAMOIZANA AINA POLISY TELO TEO AM-PANATANTERAHANA NY ASANY NOHO NY FAMONOAN'OLONA AZY IREO IZAY LAZAINA FA « FITSARAM-BAHOAKA », DIA MANAO IZAO FANAMBARANA IZAO :

- MANAMAFY NY FIARAHA-MIORY AMIN'NY FIANAKAVIANA SY NY NAMANA ARY MPIARA MIASA AMIN'IREO MPITANDRO FILAMINANA NAMOY NY AINY ;
- MANAMELOKA MARIN-DRANO NY TENY IZAY MIFANOHITRA TANTERAKA AMIN'NY SOATOAVINA MALAGASY SY NY ZON'OLOMBELONA ARY MANDIKA IREO FITSIPIKA ARA DEONTOLOJIKA MIFEHY NY MPITSARA ;
- TSY MIOMBON-KEVITRA AMINY AMIN'IREO TENY IZAY NATAONY AMIN'NY ANARANY SAMIRERY;
- MAMPAHAFANTRA FA HANDRAY NY ANDRAIKITRA TANDRIFY AZY HO FAMPANAJANA NY LALÀNA MANAN-KERY;
- MIANTSO NY REHETRA HO TONY AO ANATIN'IZAO VANIM-POTOANA DIAVIN'NY FIRENENA IZAO.

LE SECRÉTAIRE GÉNÉRAL

…MAHAVORY Christian Paul

************************************************



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

MINISITERAN'NY FITSARANA

**FANAMBARANA**

Ny Ministeran'ny Fitsarana dia:

- Miombona alahelo amin'ny fianakaviana, namana ary mpiara-miasa amin'ireo Mpitandro filaminana niharan'ny vono nataon'antokon'olona ka namoy ny ainy teo ampanatanterahana ny asany tany Fenoarivo Atsinanana ;

- Manameloka tanteraka ny fanambarana fihantsiana sy fanozonana Mpitandro filaminana nataon'ny Mpitsara kandidà ERNAIVO Fanirisoa, izay sady voararan'ny lalana no manitsakitsaka ny sata maha-Mpitsara sy ny lalam-pifidianana ary manamavo ny soatoavina maha Malagasy sy Repoblikana ;

- Mampatsiahy hatrany fa tsy misy ambonin'ny lalana na iza na iza. Ireo izay minia mihoa-pefy dia handraisana ny fepetra takian'ny lalana, ho fanajana sy fitandroana ny filaminana eto Madagasikara ;

- Manamafy ny mahazava-dehibe ny fiaraha-miasa amin'ny Mpitandro filaminana ao anatin'ny fanatanterahana ny asam-pitsarana.

LE SECRÉTAIRE GÉNÉRAL

RANDRIANARIMANANA Tsantatiana Salama